

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Dingana Mitohy

Ny ran’i Jesosy Kristy, Zanak’Andriamanitra, dia manadio ahy mandrakariva amin’ny ota rehetra.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Fanomezana iray amin'ny ra sarobidin'i Jesosy ny fanadiovana.

> "Fa raha mandeha eo amin'ny mazava isika, tahaka Azy [Jesosy] eo amin'ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran'i Jesosy Kristy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra." (1 Jaona 1:7)

Ao amin'io andininy io, dia misy matoanteny telo amin'ny fitohizana ankehitriny: mandeha, miombona ary manadio. Tokony horaisintsika an-tsoratra izany. Raha manohy mandeha eo amin’ny mazava isika, dia manohy fiombonana eo amintsika foana, ary ny ran’i Jesosy no manohy manadio antsika.

Tena zava-dehibe ny fahitana fa misy fepetra izany. Raha manohy mandeha amin’ny fahazavan’ny Tenin’Andriamanitra isika amin’ny fankatoavana izay lazainy, ny vokatra voalohany dia ny fiombonana eo amintsika. Raha tsy mandeha eo amin’ny mazava isika, dia tsy hanana fiombonana. Ary raha tsy mandeha amin’ny fiombonana isika, dia tsy mandeha amin’ny mazava. Fa, raha mandeha amin'ny mazava isika ka manana fiombonana, dia ny ran'i Jesosy no manadio antsika mandrakariva.

Misaotra Anao, Jehovah ô, noho ny amin’ny ran’i Jesosy. Manambara aho fa manohy mandeha ao amin’ny mazava, sy manana fiombonana amin’ny mpino hafa, ary mandray fanadiovana ho afaka amin’ny ota. Ny ran’i Jesosy Kristy, Zanak’Andriamanitra, dia manadio ahy mandrakariva amin’ny ota rehetra , amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-022-MLG

Nohavaozina farany: 01 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis